



NAOTY

LAHARANA : 1014 /22/CENI

DATY: 11 3 JUL 2022

ANTONY:

- Fanendrena ny mpiadidy fifidianana na « Agent électoral » (AE) sy ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera ifotony misahana ny fanisana ny mpifidy na « Commission Locale de Recensement des Electeurs » (CLRE) ary ireo mpanisa ny mpifidy na « Agent recenseur » (AR)

TSIAHY:

- Andininy faha -14 amin'ny Lalàna fehizoro Lf 2018-008 tamin'ny 11 mey 2018 mikasika ny fitondrana ankapobeny ny fifidianana sy ny fitsapankevi-bahoaka
- Andininy faha-104 amin'ny Lalàna Lf 2015-020 tamin'ny 19 oktobra 2015 mikasika ny rafi-pirenena mahaleo tena miandraikitra ny fandaminana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana antsoina hoe « Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana ».
- Andininy faha-6 sy faha-10 amin'ny Didim-panjakana laharana faha-2022-667 tamin'ny 11 mey 2022 mikasika ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy sy ny rejisi-pifidianana eto amin'ny firenena

NIHAVIANY : Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana

ANDEFASANA:

- Ny Filohan'ny Vaomieram-pifidianana anivon'ny Distrika rehetra
“Mba ho fanatanterahana”
- Ny Filohan'ny Vaomieram-pifidianana anivon'ny Faritany rehetra,
- Ny Filohan'ny Vaomieram-pifidianana anivon'ny Faritra rehetra.
“Mba ho fanaraha-maso”

Mba hahatontosa tsy misy tomika ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy dia manandanja lehibe ny anjara andraikitra ny mpiadidy fifidianana (AE) sy ny mpanisa mpifidy (AR) ary ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera ifotony misahana ny fanisana ny mpifidy

(CLRE). Noho izany, dia mila fitandremana sy fanaraha-maso akaiky ny fanendrena azy ireo mba hiantohana ny mangarahara sy ny fandraisan'anjaran'ny rehetra.

Koa mialoha ny hanoritsoritana ny anjara andraikity ny tsirairay amin'ny fanatontosana ny fanavaozana tanteraka (*hita ao amin'ny tari-dalana ho amin'ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy*) dia ampitaina aminareo ity Naoty ity mba hampahafantarana ireo fomba arahina amin'ny fanendrena ireo mpiandraikitra rehetra voakasik'izao asa izao.

1- FANENDRENA NY MPIADIDY FIFIDIANANA (AGENT ELECTORAL)

Ho fampiharana ny andininy faha-104 amin'ny Lalàna Lf 2015-020 tamin'ny 19 oktobra 2015 dia ny mpiadidy fifidianana (agent electoral) no mpiasa manatanteraka ny andraikity ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana eny anivon'ny Fokontany.

Ny Filohan'ny Vaomieram-pifidianana anivon'ny Distrika no manendry ireo mpiadidy fifidianana ao anatin'ny Fokontany iadidian'izy ireo miainga avy amin'ny lisitr'ireo olona atolotry ny CEC izay hita fa mahafeno ny fepetra takiana araka izao manaraka izao:

- Feno 18 taona no ho miakatra, ary manana karapanondrom-pirenena;
- Mponina sady mahafantatra tsara ny Fokontany hanendrena azy ;
- Mahay mamaky teny sy manoratra ary tsara soratra ;
- Olona tsy manana olana eo amin'ny lafiny fahitana;
- Olona manam-potoana sy fahavononana araka ny fepetra takian'ny asa ;
- Olona tsy mpikambana amin'ny antoko na fikambanana politika;
- Olona tò teny eo amin'ny fiaraha-monina.

Ireto kosa no fomba arahina amin'ny fanendrena azy :

- Tsy maintsy mifandray amin'ny Vaomieram-pifidianana eny anivon'ny Kaominina (CEC) ianareo PCED haka ny tolo-keviny mikasika ireo olona eny anivon'ny Fokontany iadidiany hotendrena.
- Rehefa tonga eo ampelatanan'ny CED ireo tolokevity ny CEC dia mandray Fanapahana araka ny modely izay ampiarahana amin'ity Naoty ity ny PCED.
- Azo atao ny mamerina ny AE teo aloha raha toa ka nahavita antsakany sy andavany ny asany izy ary tsy nahitana olana teo amin'ny fiaraha-monina.

2- FANENDRENA NY MPIKAMBANA AO AMIN'NY VAOMIERA IFOTONY MISAHANA NY FANISANA NY MPIFIDY (CLRE):

Tsiahivina fa araka ny voalazan'ny andininy faha- 14 amin'ny Lalàna fehizoro Lf 2018-008 tamin'ny 11 mey 2018 dia ny Filohan'ny Vaomieram-pifidianana anivon'ny

Distrika no manendry ireo mpikambana ao amin'ny Vaomiera ifotony misahana ny fanisana ny mpifidy (CLRE).

Mpikambana **telo** no mandrafitra azy dia :

a) ny Lehiben'ny Fokontany na ny lefiny raha toa ka misy antony manokana tsy ahafahan'itsy voalohany misahana ny andraikitra ny mpikambana ao amin'ny CLRE (antony ara-pahasalamana...).

Tsy maintsy hita fototra amin'ny taratasy fanamarinana ny tsy fahafahan'ny lehiben'ny Fokontany vao azo atao ny fanendrena ny lefiny

b) ny Mpiadidy fifidianana na "Agent Electoral" (AE) izay solontenan'ny CENI eny anivon'ny Fokontany; ary

d) Mpikambana hafa avy ao amin'ny Fokontany.

Ireto avy ny fepetra takiana amin'ny fanendrena azy ireo:

- Ny mpiadidy fifidianana na AE no tendrena ho Filohan'ny CLRE;
- Olona roa samy hafa ny Mpiadidy fifidianana (AE) sy ny Lehiben'ny Fokontany;
- Mikasika ny Mpiadidy fifidianana dia tsy maintsy raisin'ny PCED aloha ny Fanapahana hanendrena azy ho Mpiadidy fifidianana, vao manao ny fanendrena azy ho mpikambana ao amin'ny CLRE.

Ny masontsivana hifantenana ireo mpikambana ao amin'ny CLRE dia mitovy amin'ny masontsivana hifantenana ny mpiadidy fifidianana voalaza etsy ambony.

Ireto kosa no fomba arahina amin'ny fanendrena ireo mpikambana ao amin'ny CLRE:

- Angatahina ny Fanapahana manendry ny Lehiben'ny Fokontany na ny lefiny mialoha ny hanendrena azy ho mpikambana tsotra ao amin'ny CLRE;
- Tsy maintsy mifandray amin'ny Vaomieram-pifidianana eny anivon'ny Kaominina (CEC) ianareo PCED haka ny tolo-keviny mikasika ireo olona roa hafa hotendrena ao amin'ny CLRE isam-pokontany;
- Araka izay azo atao dia olona mahafeno ny fepetra avy amin'ny fiarahamonim-pirenena na avy amin' ireo andrimasom-pokonolona na ireo "Agents communautaires" na avy amin'ny FAF (Fiarahana miombona Antoka ho Fampandrosoana ny sekoly) no atolotry ny CEC ho an'ny Fokontany ahitana izany. Olona roa isam-pokontany avy amin'ny tolo-kevitra ny CEC no fidin'ny CED ka ny iray tendrena ho AE sady Filohan'ny CLRE ary ny faharoa mpikambana tsotra.
- Tsara raha lisitra misy anaran'olona maromaro ahafahan'ny mpikambana ao amin'ny CED misafidy no alefan'ny CEC;
- Ny lisitra alefan'ny CEC dia ahitana ny rafitra nihavian'ilay olona atolony;
- Andefasana kopian'ny fanendrena ny CENI, CEP ary ny CER.

Hamafisina etoana fa ankoatra ireo mpikambana raikitra voatendry ao amin'ny CLRE, dia manan-jo hanaramaso ny asan'ny Vaomiera ifotony misahana ny fanisana ny mpifidy:

- Ny antoko na fikambanana politika nanao fanambaràna momba izany (solontena roa raha be indrindra isaky ny antoko);
- Ny fikambanana tsy miankina nahazo fankatoavana amin'ny fanabeazana ho olom-pirenena, na ny fanaraha-maso ny fifidianana, ka nanao fanambaràna mikasika izany (solontena roa raha be indrindra isaky ny fikambanana)

Tsy manakana ny fanatanterahan'ny Vaomiera ifotony misahana ny fanisana ny mpifidy ny asany anefa ny tsy fisian'ireo solontena ireo. Na izany aza, anjarantsika Rantsamangaika no manentana ireo fikambanana ireo hanendry solontena ho fanamafisana hatrany ny mangarahara.

3- FANENDRENA NY MPANISA NY MPIFIDY (AR)

Mba hahalavorary sy hahavitana antsakany sy andavany ny asa fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy dia hotendrena manokana ireo **Mpanisa mpifidy** dimy arivo (5000) hanampy ny mpikambana ao amin'ny CLRE amin' ny fanisana ny mpifidy **ao amin'ireo** Fokontany mandrafitra ny Kaominina ao amin'ny lisitra atovana ity Taridalana ity.

Ny **Vaomieram-pifidianana anivon'ny Distrika** no manendry ireo Mpanisa mpifidy ireo amin'ny alalan'ny Fanapahana araka ny fepetra voarakitra ao anatin'ny filazana fiantsoana mpifaninana (appel à candidatures), sy araky ny isany voafaritra ao amin'ny Tabilao fitsinjarana atovana ity Taridalana ity.

Ankoatra ireo masontsivana nandraisana ireo mpikambana ao amin'ny CLRE dia ireto no masontsivana fanampiny ho an'ny mpanisa mpifidy :

- monina ao amin'ny Distrika hanendrena azy ;
- manana ny mari-pahaizana Baccalauréat farafahakeliny ;
- mahafehy ny fampiasana firaketana an-tsoratra amin'ny alalan'ny solosaina (bureautique : word, excel, internet, sns) sy ny fikirakirana antontan-kevitra amin'ny alalan'ny "tablette".

Marihina fa ny fandraisana Mpanisa mpifidy (Agent recenseur) dia hanaovana fiantsoana mpifaninana (appel à candidature) eo anivon'ny Renivohitry ny Distrika araka ny "Filazana fiantsoana mpifaninana" sy ny "Fifanarahana arak'asa" (contrat de travail) ary ny tabilao fitsinjarana atovana ity Naoty ity.

Ny filazana fiantsoana mpifaninana dia hatao peta-drindrina eo amin'ny biraon'ny CED sy ny CEC ary hanaovana filazana amin'ny Radio Nasionaly Malagasy (RNM), ny Televiziona Malagasy (TVM), na radio sy televiziona hafa tsy miankina, ary ny fitaovan-terasera haino aman-jery misy eo anivon'ny Distrika (Radio na Télé-m-paritra).

Ny fanapahana manendry ireo AE sy ireo mpikambana ao amin'ny CLRE ary ny mpanisa mpifidy dia samy alefa mailaka aty amin'ny CENI Foibe amin'ny adiresy mailaka doeceni2021@gmail.com sy srd.ceni@gmail.com alohan'ny **28 aogositra 2022** avokoa.

Eto am-pamaranana dia aoka isika mba hanao ho zava-dehibe ny fanantanterahana antsakany sy andavany ity Naoty ity.

**NY FILOHAN'NY VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEOTENA
MISAHANA NY FIFIDIANANA**

